## FANOLORANA TSANGAN' ASAM-PIKAROHANA

Fisaorana eram-po eran-tsaina no atolotra ny namana isany Lucien Xavier MICHEL-ANDRIANARAHINJAKA sy Bakoly DOMENICHINI-RAMIARAMANANA izay nanaiky hanolotra antsika ny tsangan'asam-pikarohana vitany avy teo amin' ny sehatry ny lahabolana nentim-paharazana malagasy. Izy mianadahy ireo no tera-tany malagasy voalohany nahatontosa asa goavana toy izao, raha ny karazan-dahateny ntaolo malagasy no ifotorana.

Momba ny fifandraisan' ny ohabolana sy ny hainteny teo amin' ny Tantara no nanompanan' i B. Domenichini-Ramiaramanana ny fanadihadiana nataony ; ny lahabolana nentim-paharazana betsileo kosa no nifantohan' i L.X. Michel-Andrianarahinjaka teo amin' ny famakafakana nimasoany. Santatra am-bava rano ihany no arosony amintsika eto, fa ny manetsa be mbola ho avy dia ny hamoahany ho boky ny tsangan'asam-pikarohana narafiny avy, ka nahazoany ny mari-pahaizana fara tampony eo amin' ny sehatry ny Fampianarana Ambony na Anjerimanontolo.

Tsy zovina amintsika ny maha zava-dehibe ny lahabolana nentim-paharazana eo amin' ny fampijoroana ny vakomanitra malagasy mifototra amin' ny teny amam-piteny malagasy. Mavesa-danja loatra izy io, hany ka niniana natao ny tsy amoahana lahatsoratra hafa noho ireo fanolorana hovakina manaraka, ato amin' ny sokajy momba ny *Haivolana-Littérature* amin' ity *Hiratra* laharana fahatelo ity.

Heverina tokoa mantsy fa ny fandinihana akaiky ny karazan-dahateny rehetra misy eran' ny Nosy no làlana tokony hizorana raha tiana ny hanavao sy hampiroborobo indray ny lahabolana malagasy antsoina ankehitriny amin' ny anarana hoe haisoratra. Mpitari-dàlana amin' izany izy mianadahy voalaza etsy ambony, ka ampoizina fa ho filamatra harahintsika zandry ato aoriana ny ezaka nombam-pahombiazana nataony.

R. B. R.

## PRESENTATION DE THESES

Nous avons demandé à nos deux collègues, Bakoly DOMENICHINI-RAMIARAMANANA et Lucien Xavier MICHEL-ANDRIANARAHINJAKA, de nous présenter leurs thèses respectives sur les genres littéraires oraux malgaches. Nous les remercions d'avoir accédé à notre requête ; ils donnent ainsi aux lecteurs de *Hiratra* l'occasion de faire connaissance avec les découvertes les plus récentes dans un domaine aussi riche que celui de la littérature traditionnelle malgache.

Nos lecteurs mesureront l'importance que nous accordons aux genres littéraires oraux malgaches par le seul fait que dans ce numéro nous n'avons retenu pour la rubrique *Haivolana-Littérature* que les deux présentations sur « La littérature traditionnelle betsileo » et « Du ohabolana au hainteny – Etude de poétique comparée ». Nous pensons, en effet, qu'un renouveau, sinon une véritable révolution, est nécessaire dans la « création littéraire » à Madagascar ; ce renouveau ou cette révolution doit passer par un ressourcement auprès des meilleurs « auteurs » malgaches, les artistes de la parole que nous côtoyons quotidiennement dans les villes et les campagnes malgaches.

Nous espérons que l'examen approfondi de quelques œuvres de ces artistes anonymes, tel que l'ont entrepris B. Domenichini-Ramiaramanana et L.X. Michel-Andrianarahinjaka, fera naître une inspiration nouvelle dans le domaine de la création, et encouragera les jeunes auteurs et chercheurs à persévérer dans leurs efforts d'investigation et d'invention, pour l'avènement d'une littérature nouvelle à la fois moderne et véritablement malgache.

R. B. R.